

# FANDRAISANA NAOTY AMIN'NY

# FIHAONAMBEN'NY FIANGONANA

# MANERAN-TANY



Mialoha ny hanombohan'ny fihaonambe dia afaka miomana ny hihaino ny feon'ny Tompo ianao amin'ny alalan'ny fikatsahana fanambarana ho an'ny tenanao manokana.



Moa ve aho naka fotoana hanaovana vavaka manokana?



Moa ve aho efa namaky ny soratra masinako?

**TOERANA IRAY HIRAKETANAO AN-TSORATRA IREO HARENA SAROBIN'NY FANAMBARANA HO AN'NY TENA MANOKANA AZONAO AVY AMIN'NY FIHAONAMBEN'NY FIANGONANA MANERAN-TANY.**

# MANONTANIA,

Nampianatra ny Loholona  
Jeffrey R. Holland hoe: "Saika tonga  
foana ho valin'ny fanontaniana  
iray ny fanambarana."<sup>1</sup>


## ARY AVY EO DIA MIHAINOA

Ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany dia fahafahana mahatalanjona hianarana ny zavatra tian'ny Tompo ho fantatrao sy hataonao. Saingy ahoana no ahafantaranao fa miresaka aminao Izy? Manomboka amin'ny fandinihana ny fiainanao sy ny zavatra ilainao fanampiana izany.

Ireto misy zavatra vitsivitsy azo dinihina:

Makà fotoana kely hanorantana ny fitarihana manokana tianao hitondran'ny Tompo anao mandritra ny fihaonambe.

Rehefa mihaino ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ianao dia aza esorina ao an-tsainao ireo fanontaniana ireo. Afaka manome fitarihana natao ho anao manokana ny Tompo.



## MANDRAISA AN-TSORATRA

Maro ireo antony andraisan'ny olona an-tsoratra mandritra ny fihaonambe. Ny fandraisana an-tsoratra dia afaka manampy anao hifantoka bebe kokoa sy hahatadidy ny zavatra norenesinao. Rehefa mandray an-tsoratra ianao dia maneho amin'ny Tompo fa vonona handray fanambarana ho an'ny tena manokana ary hanao zavatra araka izany.

Andramo ilay izy! Rehefa mihaino ny fihaonambe ianao dia aza matahotra hoe tsy hahavoadika ara-bakiteny izay lazain'ireo mpandahateny. Raha misy zavatra tsy arakao, dia afaka iverenanao foana izany ary vakinao na jerenao amin'ny manaraka. Mifantoha amin'ny fanoratana ny eritreritrao sy ny fahatsapana ananao mandritra ireo lahateny. Rehefa soratanao izany amin'ilay fotoana handraisanao izany dia tsy ho voatery hiezaka ny hahatsiaro izany ianao any aoriana.

Ny zavatra lazain'izy ireo:

Ny zavatra tsapako:

Mila torohevitra amin'ny fomba fanaovana izany ve? Indreto misy vitsivitsy:



"Rehefa mandray an-tsoratra aho mandritra ny fihaonambe dia tsy manoratra ara-bakiteny izay lazain'ilay mpandahateny; fa manoratra kosa ny fitarihana natao ho an'ny tenako manokana izay omen'ny Fanahy Masina ahy. Ny zavatra *voalaza* dia tsy manan-danja tahaka ny zavatra *rentsika* sy *tsapa*[ntsika]."

Loholona Robert D. Hales (1932-2017)<sup>2</sup>

Ny zavatra lazain'izy ireo:



**FANASANA MANOKANA**

Matetika ireo mpitarika ato amin'ny Fiangonana dia manome fanasana mba hanampiana antsika hitombo ara-panahy. Nahare fanasana manokana ve ianao nandritra ireo fivoriana? Soraty eto izany mba tsy ho hadinonao!



Ny zavatra tsapako:



**MIATOA!**

Efa naharay valiny tamin'ireo fanontaniana ve ianao hatreto? Raha toa ka nahazo ianao dia makà fotoana hanoratana ny fitarihana sy ny tari-dalana voarainao.



"Mampanantena aho fa rehefa mahare ny feon'ny Tompo ianareo miresaka aminareo ao anatin'ireo fampianarana mandritra ity fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ity, ary manao asa araka ireo bitsika ireo avy eo, dia ho tsapanareo eo aminareo ny tanan'ny lanitra, ary ho voatahy ny fiainanareo sy ny fiainan'ireo izay manodidina anareo."

*Loholona Neil L. Andersen<sup>3</sup>*



"Ireo fitahiana lehibe indrindra izay azontsika amin'ny fihaonambe dia tonga amintsika rehefa tapitra ny fihaonambe. Tsarovy ilay modely arahina izay voasoratra matetika ao amin'ny sora-tramaina manao hoe: mivory isika mba hihaino ny tenin'ny Tompo, ary mody any an-trano isika mba hiaina izany."

Loholona Robert D. Hales<sup>4</sup>



Ny zavatra lazain'izy ireo:



Ny zavatra tsapako:



**FANASANA MANOKANA**

Matetika ireo mpitarika ato amin'ny Fiangonana dia manome fanasana mba hanampiana antsika hitombo ara-panahy. Nahare fanasana manokana ve ianao nandritra ireo fivoriana? Soraty eto izany mba tsy ho hadinonao!



**MIATOA!**

Naharay hevitra fanampiny momba ireo zavatra mila tohizanao atao, na ajanonao, na atombokao atao ve ianao mba hanatsarana ny fiainanao?

**DIA INONA NO MANARAKA HO AHY?**

Tena zavatra niainana mahatalanjona ny nihaino ireo fijoroana ho vavolombelon'ireo apôstôly sy mpaminany! Nandray fitarihana izay afaka manampy anao eo amin'ny fiainanao ve ianao?

Fotoana lehibe izao hametrahana tanjona hanampy anao hanao zavatra araka ireo zavatra nianaranao. Misy ohatra vitsivitsy ireto:

- Misafidiana fitarihana manokana iray na roa ary mamorona drafitra hanaovana asa mifanaraka amin'izany.
- Manaova drafitra hanaovana asa mifanaraka amin'ny iray amin'ireo fanamby na fanasana renao.
- Mihaino lahateny iray tamin'ny fihaonambe isamaraina rehefa miomana ho any an-tsekoly ianao.
- Zarao amin'ny namana iray na eny amin'ny tambajotran-tserasera ny iray amin'ireo tantara na teny notsongaina tianao indrindra.
- Mandrafeta fotoana iray ahafahan'ny fianakavianao mizara ny zavatra nanamarika ny tsirairay amin'izy ireo nandritra ny fihaonambe.
- Manana hevitra hafa ve ianao? Soraty ny tanjona manokana:

---



---



---



---

Mampisà hety hanetezana ity ampahan'ny pejy ity. Avy eo dia azonao apetraka amin'ny toerana ahafahanao mahita izany isan'andro ianao mba hampahatsiahy anao ireo tanjona!





“Ny valin’ireo vavakao manokana sy mazava tsara dia mety ho tonga mivantana avy amin’ny alalan’ny lahateny na fehezan-teny iray manokana. . . . Hanomana ny fomba handraisana ny fanambarana ho an’ny tena manokana ny faniriana mafy handre sy hanaraka ny teny feno torohevitra.”

*Loholona Dieter F. Uchtdorf<sup>5</sup>*

**Fanamarihana**

1. Jeffrey R. Holland, “Cast Not Away Therefore Your Confidence,” *Ensign*, Mar. 2000, 9.
2. Robert D. Hales, fihaonamben’ny Fiangonana ôkt. 2013 ( *Liahona*, nôv. 2013, 6).
3. Neil L. Andersen, fihaonamben’ny Fiangonana ôkt. 2017 ( *Liahona*, nôv. 2017, 126).
4. Robert D. Hales, fihaonamben’ny Fiangonana ôkt. 2013 ( *Liahona*, nôv. 2013, 7).
5. Dieter F. Uchtdorf, “Fihaonamben’ny Fiangonana—Tsy toy ny fitahiana mahazatra,” *Liahona*, sept. 2011, 4.


© 2020 an’ny Intellectual Reserve, Inc.  
All rights reserved.

NY FAHAZOANA LALANA HAMERINA HANONTA PRINTY ITY BOKY ITY DIA OMENA RAHA HO AMPIASAIN’NY TENA MANOKANA FA TSY ATAO HITADIAM-BOLA. TAFIDITRA AO ANATIN’IZANY NY FANOMEZAN-DALANA IREO MPITARIKA AO AMIN’NY PAROASY MBA HANONTA PRINTY BOKY VITSIVITSY HO AN’IREO IZAY TOMPOINIZY IREO AO ANATIN’NY ANTSONY. TSY MAINTSY ATAO PRINTY MANONTOLO IREO KIBOKY. TSY TAFIDITRA AO ANATIN’IZANY NY FANOMEZAN-DALANA HAMOAHANA IZANY EN LIGNE, NA HAMPIASANA IZANY AMIN’NY ZAVATRA Hafa, NA MIZARA ITY BOKY ITY AMIN’NY Hafa. MITAKY FAHAZOAN-DALANA IZAY METY HO FOMBA FANAMPINY TIANA HAMPIASANA ITY BOKY ITY.

[permissions.ChurchofJesusChrist.org](https://permissions.ChurchofJesusChrist.org)

**MBOLA MILA BOKY FANDRAISANA NAOTY AMIN’NY FIHAONAMBE FANAMPINY VE IANAO?**

Sintony sy ataovy printy ity boky fandraisana naoty ity ao amin’ny [conference.ChurchofJesusChrist.org](https://conference.ChurchofJesusChrist.org).



NY FIANGONAN’ I  
**JESOA KRISTY**  
HO AN’ NY OLOMASIN’ NY  
ANDRO FARANY